Filoha Rajoelina 3
**Matahotra ho resy sahady dia mangalatra fiaingana**

Boriboritany faha-4 Antananarivo 2
**Mijoro ny rafitra DISTIM vaovao**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 19 jolay 2022 Laharana 1321 Vidiny : **500 Ar**


Raharinaivo Andrianantoandro 2
**Ahiana ny fipoahana sosialy noho ny fidangan' ny vidim-piainana**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Haverina ho 600 Ar ny saran-dalana 2

## Tian-kano tsy tian-kano kosa ny rejiônaly sy nasiônaly



Fiainan'antoko 2

## Tsy miroro tokoa ny DISTIM Toliara




Tranga tsy fahita 6

## Tovolahy voafonja manala bacc nanomboka omaly



Ambohitrolomahitsy Manjakandriana 3

## Manao lalana, manampy ny tanora i Jean Bosco R. na i Dadafara



Antalaha 7
**Mijaly amin'ny resaka delestazy koa**

Tranombarotra Baolai 6
**Mitohy ny « promotion » amin'ny fahitalavitra fisaka sasany**

**Daka kely**

Kay nizara « karatra » ialahy tany Mandoto ry Boaikely a !

Raharinaivo Andrianantoandro

# Ahiana ny fipoahana sosialy noho ny fidangan'ny vidim-piainana

Naneho ny heviny manoloana ny fidangan'ny vidim-piainana ankehitriny, sy ny fisondrotry ny saran-dàlana ny solombavambahoaka teo aloha, teny Ambohidratrimo, Raharinaivo Andrianantoandro, sady efa filohan'ny kongresin'ny tetezamita ihany koa. Tsy zakan'ny fahefa-mividin'ny vahoaka intsony ny fidangan'ny vidim-piainana ilaina andavanandro ankehitriny, ary tsy voafehin'ny fanjakana ny vidiny farany ambony zakan'ny mpanjifa. Manampy trotraka ihany koa ny fisondrotry ny saran-dàlana, ka anisan'ny lasibatra amin'izany ny tontolo ambanivohitra. Tian-kano tsy tian-kano anefa izany ho an'ny vahoaka, satria ny vokatra tsy maintsy amidy nefa ny entana sy kojakoja andavanandro lafo. Ankoatr'izay, dia tsy mba voajerin'ny mpitondra fanjakana ihany koa ny tantsaha amin'ny masomboly sy zezika, izay mampitaraina azy ireo. Hiditra ihany koa ny mpianatra, nefa miakatra ny vidin'ny fitaovam-pianarana sy ny saram-pidirana. Zara raha misy sisa, ireo ray amandreny, no afaka mampianatra ny zanany eny anivon'ny sekoly ambony noho ny fahasahiranana. Mila jerena ny tantsaha eny ambanivohitra raha ny fanazavany, satria tsy mba misy fanampiana na tohana avy amin'ny fanjakana izy ireny toy ny mpitatitra ohatra. Tsy resahina intsony ny fahatapahanjiro, sy ny tsy fandrimpahalemana eny ambanivohitra, satria na ny kisoa ao am-bala aza dia misy mangalatra



*Ny depiote teo aloha, Raharinaivo Andrianantoandro.*

ankoatry ny hala-botry samihafa. Raha tsy mahita vahaolana haingana ny mpitondra hoy ity mpanao pôlitika ity, ahiana ny fipoahana sosialy eto Madagasikara, satria tsy zakan'ny vahoaka intsony izao krizy lalina misy ankehitriny izao.

**Rajo**

Boriboritany faha-4 Antananarivo

# Mijoro ny rafitra DISTIM vaovao

Mijoro amin'izao fotoana ny rafitra DISTIM vaovao ao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo Renivohitra. Tontosa ny Sabotsy teo teny Soanierana ny fananganana ny rafitra DISTIM vaovao, eo ambany fitarihan'ny depiote Ramboasalama Emilien sy ireo birao amperinasa, ary teo ambany fanatrehan'ny solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona Razafitsimialona, filohan' ny vondrona parlemantera TIM. Toy izao ny firafitry ny birao DISTIM vaovao izay voafidy nandritr'izany fivoriana izany :




*Ny fifidianana ireo ho mpikambana vaovao ao amin'ny DISTIM Boriboritany faha-4.*

Filoha : Depiote Ramboasalama Emilien.
Filoha lefitra 1 : Rasolomanana Dieudonné.
Filoha lefitra 2 : Ralaimoria Ezekiela.
Sekretera Jeneraly : Ravalison Rado.
Mpitam-bola : Rasoarivo Balisama.
Kaomisera Kaonty : Andrianasolo Lala Nirina.
Nandray anjara tamin'ny fifidianana, ny FokoTIM rehetra ao amin'ity boriboritany ity. Hamelo-maso hatrany ny antoko najoron' ny filoha Ravalomanana, no anisan'ny tarigetran' izany birao vaovao izany.

**Niaina**

Fiainan'antoko

# Tsy miroro tokoa ny DISTIM Toliara

Tsy miroro na tsy matory tokoa ny DISTIM any Toliara, nisy ny hetsika nataon'izy ireo ny faran'ny herinandro teo, ao anatin'ny fameloma-maso ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity, sy fizaram-baovao amin' ireo mpikambana ary fiatrehana ny raharaham-pirenena mafampana amin' izao fotoana izao ihany koa. Niatrika izany ny filoha lefitra nasiônalin'ny antoko TIM any Toliara Me Elisoa, ny filohan'ny Reg-TIM faritra Atsimo Andrefana Vidisoa Bebe, nanome voninahitra ny fotoana ny filohan'ny KMMR any an-toerana kôlônely Rabe Jules. Nisongadina nandritra ny fandraisam-pitenena tamin'io fotoana io, fa tsy azo ihodivarana ny fanaovana ny fikaonandohampirenena, ho fisorohana




*Ny fivoriamben'ny DISTIM tany Toliara.*

ny korontana mety hitranga, noho izao krizy ara-pôlitika, sy sôsialy ary toekarena mahazo ny firenena amin'izao fotoana.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy fakafaka

Haverina ho 600 Ar ny saran-dalana

# Tian-kano tsy tian-kano kosa ny rejiônaly sy nasiônaly

Haverina ho 600 Ar ny saran-dalana eto Antananarivo hatramin'ny alakamisy ho avy izao, ho an'ireo kaoperativa izay nampakatra ho 800 Ar hatramin'ny sabotsy teo, raha tsy izany dia hihàtra ny sazy, io no fanambarana nataon'ny tao amin'ny kaominina Antananari vo Renivohitra, sy ny mpitandro filaminana omaly. Ny eto Antananarivo, misy hatrany ny fifampidinihana mahakasika izay saran-dalana izay, fa ho an'ny any amin'ny faritra, amin'ny zotra nasiônaly sy rejiônaly, toa mandidy dia homana ireo mpitatitra, tsy dia mba misy loatra izany fifampidinihana izany rehefa hampakatra saran-dalana, fa toa avy hatrany dia manao izay saim-patany izy ireo, tian-kano, tsy tian-kano izany ho an'ny mpanjifa. Ny mpanjifa madinika hatrany no mizaka ny tsy eran'ny ainy. Na izany, na tsy izany, mizaka ny tsy eran'ny ainy koa ireo mpitatitra, na ny an-drenivohitra, na ny rejiônaly sy ny nasiônaly, ka tokony ho jerena manaraka ny fiakaran'ny vidin'ny solika, izay 44% koa ny fiakarana ho azy ireo, eo anefa dia tokony tsy hahafaty ny reniny izany, ary tsy tokony hahabotry ny zanany koa amin'ny fanaovana ny fampakarana, rehefa tsy maintsy hampakarina, fampakarana izay efa nambaran'ny mpitondra fa tsy voafehiny matoa izy ireo efa nilaza mialoha fa tsy maintsy hisondrotra ny vidin-tsolika, ary manaraka izay ny saran-dalana, sy ny zavatra hafa rehetra. Na fampakarana, na tsy fampakarana, tokony hitovy hoy ny feo avy amin'ny maro ny fanaovana izany, fa tsy Antananarivo ihany no anaovana fifampidinihana, fa ny any amin'ny toeran-kafa toa tsy misy izay fifanatonana izay, ka tena mizaka ny tsy eran'ny ainy ny mpanjifa any ambanivohitra, sy any amin'ny faritra vokatr'izany. Mbola tokony ho jeren'ny ministeran'ny fitaterana, sy ny fitondrana Rajoelina akaiky izany, fa rehefa tsy hahavita izany izy ireo dia mialà ho ihany koa ny feo mandeha.

**Isambilo**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Notiavina R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Rajoelina

# Matahotra ho resy sahady dia mangalatra fiaingana

Tsy mbola nisy ohatr'ity hatrizay nanaovana hoy ny resa-behivavy, loza tokoa fa nidina tany Mandoto tany Vakinankaratra Ingahy Filoha Rajoelina niaraka tamin'Ingahy Praiminisitra Ngtsay, sy ireo minisitra maromaro ao amin'ny governemanta .
Nizara karatany hono ny antondian'izy ireo tany, izay tsiahivina fa ny Filoha Ravalomanana no nahatonga ny fizarana tany hoan'ny tantsaha, izay nanome fahefana ny kaomina amin'ny alalan'ilay antsoina hoe Bif ( Birao Ifotony momba ny Fananantany), io Bif io no manao ny fanadihadiana eny ifotony, ary manana ny fahefana manome tany ny tantsaha, rehefa tsy misy ny olana amin'ny sampandraharahan'ny fananantany, maro ireo tantsaha nisitraka izany fahazoantany izany nandritran'ny fitondrana notarihan'ny Filoha Ravalomanana, ka ny Ben'ny tanàna miaraka amin'ny fanarahamason'ny mpiasan'ny sampandraharahan'ny fananantany dia mahavita manao ny fizarana. Asa tsotra fanao andavanandro izany , tsy misy tokony ilana Filohampirenena na Praminisitra na minisitra na solombavambahoaka.
Ny tena nahatsikaiky tamin'ilay tany Mandoto dia lasa fampielezankevitra mialohan'ny fotoana, nataon'ny antokon'ny fitondrana no niseho, nisy hatramin'ny filanjana sorabaventy miaraka amin'ny fampiakanjoana ''T- Shirt'' izay miravaka ny lokon'ny fitondrana. Tsy naharitra ny Antoko Hery Vaovaon'ny Madagasikara (HVM), ka namoaka fanambarana , namaky ambatolampy ny fanosihosen'Ingahy Filoha ny andininy faha-49 ao amin'ny lalampanorenana, izay mandrara ny filohampirenena tsy ampifangaro ny asa maha-filoha amin'ny asan'antoko sy ity Praiminisitra tsy tahotra tsy henatra , kanefa dia ny lalàna no nanome fahefana azy hiantoka ny tsy fitanilana eo amin'ny raharahampanjakana.
Antso no nataon'ny ''Hvm '' ho an'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), sy ny Vaomierampirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na ny ''Ceni'', hijoro tsy hiangatra manoloana ny tsy fanarahan-dalàna nataon'ireo milaza azy ho mpitondra ambony eto amin'ny firenena, ka ho sahy hanameloka ny hagaigen'ny fitondrana, fa raha toa ka minia mikimpy ireo rafitra roa ireo dia ny ''Hcc'' sy ny ''Ceni''dia mazava, fa ny fahaleovantenan'ny fahefan'ampelatanan'izy ireo mihitsy no naleviny , ka mendrika ny hametra-pialana izy ireo.
Ny azo antoka aloha dia mbola hitanila hiaro ny mpitondra manitsakitsaka ny lalampanorenana ny ''Hcc'' sy ny '' Ceni'', satria ny fisian'ny governora isam-paritra dia efa hita mibaribary fa tsy araky ny lalàna, kanefa tsy nandrenesam-peo nanameloka izany na ny ''Hcc'' na ny ''Ceni'', ary azo antoka fa ny fanosihosena ny lalampanorenana nataon'Ingahy Filoha sy Ingahy Praminisitra nangalatra fiaingana teo amin'ny fanaovana fampielezankevitra mialohan'ny fotoana dia mbola hahazo rariny avy amin'ny ''Hcc'' sy ny ''Ceni ''.
Ny vahaolana amin'izany rehetra izany dia tsy misy afa-tsy ny fanaovana ny fihaonambem-pirenena , kanefa mialoha izany ny akaiky indrindra dia ilaina ny manatrika ny fihaonana tarihan'ny RMDM amin'ny Sabotsy izao etsy amin'ny Magro Behoririka.

***Ny Valosoa***

Ambohitrolomahitsy Manjakandriana

# Manao lalana, manampy ny tanora i Jean Bosco R. na i Dadafara



*Jean Bosco R. na i Dadafara (eo afovoany).*

Mpandraharaha tanora any amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana Randriamparany Jean Bosco, na i Dadafara, izy no filohan'ny Tanora TIM any an-toerana, sady filohan'ny Tanora TIM ihany koa any amin'ny distrikan'i Manjakandriana amin'izao fotoana. Ratsy ny lalana any amin'ity kaominina ity, na nisy aza ny fanamboarana nataon'ny fitondrana dia efa simba izany amin'izao fotoana. Noho izay antony izay, nanampy ny mponina tamin'ny fanaovandalana Randriamparany Jean Bosco na i Dadafara, nanampy nanome vola sy fitaovana nanamboarana ny lalana Ambohibemasoandro-Ambohitrolomahitsy. Nanarama olona koa izy nisava ny tatatra amin'ny sisindalana, sy nanototra ny lavaka amin'ny lalana tany an-toerana. Saiky ratsy avokoa ny lalana mampitohy ny renivohitry ny kaominina amin'ireo fokontany mandrafitra an'Ambohitrolomahitsy, mbola be arak'izany ny hatao ho fanampiana ny mponina any an-toerana, amin'izay fanamboaran-ydalana izay, hoy izy. Amin'ny maha-tanora azy, manampy amin'ny fanabeazana ny tanora amin'ny fanatanjahantena baolina kitra any antoerana ity mpandraharaha tanora, sady mpanao politika tanora ity ihany koa. Efa mandeha hatramin'izay ny fifaninanana baolina kitra ho an'ny tanora lahy sy vavy any Ambohitrolomahitsy. Nambaran'i Jean Bosco, na i Dadafara, fa tezaina amin'ny fanatanjahantena baolina kitra ny tanora, mba tsy hirona amin'ny zavatra tsy mahasoa, tezaina amin'ny fanatanjahantena izy ireo, mba hampisokatra ny sainy, sy hampikarokaroka azy, mandroso ho azy avy eo ny fiainana avy amin'izany. Notolorany baolina kitra ihany koa ireo tarika mpilalao mandray anjara amin'ny fifaninanana, na ny tournoi, izay karakarainy.

***Isambilo***

KMMR Toliara

# Ny filoha Ravalomanana no vahaolana amin'izao fahantrana lalina izao



*Ireo lohandohan'ny mpisorona amin'ny KMMR any Toliara.*

Mijoro any Toliara nanomboka ny herinandro lasa teo ny KMMR any amin' ny Faritanin'i Toliara. Nambara tamin'ny fomba Ofisialy tamin'izany, fa tafajoro any Toliara ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana amin'ny faritanin'i Toliara. Ny mitarika an'izany dia ny kôlônely Rabe Jules, izay naseho tamin'ny fomba Ofisialy nandritra ny fivoriamben'ny antoko TIM. Nisy ny fanambarana nataony tamin'izany fa: latsaka an-katerena tanteraka ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana, ka izany no nahatonga azy nanaiky ny fametrahana hitarika an'izany vovonana na plateforme KMMR izany. Tsy mety amn'izao fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka Malagasy izao ny filoha mbola manandrakandrana na tsy mahomby toa ny filoha Rajoelina, fa ny ilaina dia filoha efa ampy traikefa sady azo antoka. Efa tafapetraka ny rafitra n any "organigramme" hitondrana izany KMMR izany ao amin'ny Faritanin'i Toliara, ary efa fantampantatra avokoa ireo olona ho tompon'andraikitra. Ny rafitra KMMR dia hapetraka manomboka amin'ny Faritany ka hatramin'ny fokontany ( Province – Région - District - Commune - Fokontany). Nilaza amin'ny rehetra tsy ankanavaka izy na antoko politika, na fikambanana, na syndicat, na Cadre, na olon-tsotra na iza na iza, ka resy lahatra fa ny filoha Marc Ravalomanana ihany, no vahaolana amin' izao fahantrana lalina misy izao dia mila manambatra hery, mba hahatongavana amin'izany tanjona izany. Ndao tsy ho tara sambo, no tena filamatr'izy ireo.

***Stefa***


## PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miotisoa R.**


## TONONKALO

### Sary roa tsy misy valaka

Ao an-trano izao no sary tena mahalasa saina:
Misy zanaka marary tena mila vonjy aina.
Misy reny miolanolana f'efa tena kivy ratsy,
Fa tsy nahatody volana ireo natokana ho vatsy.

Misy zaza mitomany mitaraina ho tena noana,
Saingy manoloana izany misy dada misavoana
Sady mbola nanambara sy nirehaka mihitsy
Fa tsy maintsy hividy fiara afaka andro vitsivitsy.

Izany raha aseho malalaka ny tontolo izay jerena.
Sary toa tsy misy valaka amin`ny fiainam-pirenena,
Ka dia mandiniha isika , ny fisainana alefaso,
Ny amin`ny teleferika entina hanampena-maso.

Tsy laharam-pahamehana amintsika ny toy izany,
Fa vao mainka ho famotehana ireo mahantra ety ambany.
Koa andeha re hotoherina ireo karazana hadalana
Zary toa averimberin`ny mpitondra fanjakana !

***IRINA HO TAFITA (15-07-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, L William

**Ny fivoriamben'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany Toliara ny sabotsy teo.**










**Ny fanambarana ny fijoroan'ny KMMR Toliara ny faran'ny herinandro teo, tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana.**









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Isambilo

**Fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny biraon'ny DISTIM Boriboritany faha-4, teny amin'ny Ekar Soanierana ny sabotsy teo.**











**Randriamparany Jean Bosco, na i Dadafara, filohan'ny Tanora TIM Ambohitrolomahitsy sy Manjakandriana, manampy ny tanora amin'ny resaka fanatanjahangtena baolina kitra.**











TRANGA TSY FAHITA

# Tovolahy voafonja manala bacc nanomboka omaly

Tranga tsy fahita matetika no mitranga any Farafangana faritra Atsimo Atsinanana nanomboka omaly, eo amin'ny fanalana ny fanadinam-panjakana bakalôrea. Tovolahy iray voafonja no miatrika izany fanadinam-panjakana izany any an-toerana. Mbola tsy meloka eo anatrehan'ny lalàna izy, raha ny angom-baovao satria mbola tsy voatsara, ka azony sitrahana tsara ny zony afaka miatrika fanadinana, fa saingy eo ambany fiahiana sy fanaraha-mason'ny mpiasan'ny fonja izy manao izany fanadinana izany hatramin'ny alakamisy ho avy izao. Mirary fahombiazana ho azy ny gazety Ny Valosoa Vaovao ary mirary fahombiazana ihany koa ho an'ireo rehetra miatrika ity fanadinam-panjakana ity.

**Niaina**



*Ny Lycee Tata Max, anisan'ny mandray ireo mpanala fanadinana bakalôrea any Farafangana.*

Basket-ball U18 vehivavy

# Nivoaka ny anaran'ny Ankoay, ekipam-pirenena Malagasy

Hiatrika ny lalao fifanintsanana Afro Basket ny ekipam-pirenena Malagasy lahy sy vehivavy U18 ny 4 ka hatramin'ny 14 aogositra ho avy izao eto Antananarivo sy any Antsirabe. Efa vonona ny Federasiona Malagasy ho an'ny Taranja Basket-ball sy ireo mpilalao.

Nomena anarana ary ireo ekipam-pirenena Malagasy ho an'ny Taranja basket ireo, ka antsoina hoe "Ankoay". Ity anarana ity izay natao ho an'ny sokajy rehetra, na lahy na vavy, na zokiny na zandriny. Io aloha no tapaka ankehitriny, fa andrasana kosa ny fanazavana entin'ny Federasiona malagasy ho an'ny Taranja basket mikasika ny antony nisafidianana io anarana io.

Nivoaka izao ny anaran'ireo ho ao amin'ny Ankoay, ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny sokajy vehivavy izany: ireto avy ireo mpilalao Ekipam-pirenena U18 Zazavavy hiaro ny Voninahitr'i Madagasikara mandritra ny Afrobasket io:

- Rasolofoson Marion Fitia /Poste 1
- Andriamanana David Mandresy / Poste 1
- Rakotonanahary Joanie Anyssa / Poste 1-2
- Rakotobe Kristina Nahitantsoa / Poste 4-5
- Volahasina Louise Francette / Poste 3-4
- Zafinantenaina Marie H / Poste 3-4
- Ramahatra Taratriniaina Murielle Erica / Poste 2-3
- Rajoelina Francia Andriatsiresy / Poste 4-5
- Rasendrarison Salohy Fassiolathi / Poste 4
- Rakotonirina Mianjasoa Koloina Fiderana / Poste 4
- Raharitiana Chamirah Rodin / Poste 4-5
- Andrianjafy Nomenjanahary Mihantatiana / Poste 3-4
- Razafimahefa Nirina Annick Karen / Poste 3-4
- Rahariarivony Justine Etienne / Poste 5
- Razafimahatratraniaina T.Clémentine Basilisy / Poste 2

**Lita**



*Ankoay, U18 vehivavy.*

Tranombarotra Baolai

# Mitohy ny « promotion » amin'ny fahitalavitra fisaka sasany

Rehefa manakaiky toy izao ny « Grandes vacances » dia ny milina mandeha amin' ny herinaratra, no mahasarika ny tsirairay. Ao anatin' izany, dia manana tolotra hampihantana ny daholo be, ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar be Toamasina. « Noho ny fangatahan' ny besinimaro dia, mbola mitohy hatrany ilay « promotion - cadeau » amin'ireo Smart Tv sy télé Led marika « Jeyoo » sasantsasany, izay ahitana 32 " hatramin'ny 85", izay misy antoka 1 taona hatrany. Ny antsipiran'izany rehetra izany, dia ho hita ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin'ny laharana 0202230848 sy 02022 60588 - 0333718888 (amin'ny ora fiasana) », hoy ny tompon'andraikitra. Mbola ao ihany koa no ahitana réfrigérateur, subwoofer, mini-radio baffle bluetooth solaire misy manomboka 26000 Ariary, climatiseur, four à gaz sy électrique, amplificateur, panneaux solaires mono sy polychristalline. Ny tolotra toy izao ataon' ny Tranombarotra « Baolai » izao, dia mifanandrify indrindra amin' ny filan'ny malagasy, mba hanatsarana sy hanavao ny entana vaovao, tsara kalitao sady mibika amin'ny vidiny mirary.

**Aly**



*Entana maro samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Kolejy " Clever child"

# Fahombiazana ny voka-panadinana nandritra ny taom-pianarana 2021-2022

Tsara avokoa ny voka-panadianana nandritra ny taom-pianarana 2021-2022, satria nahafa-po ny naoty ho an'ny fifindrana kilasy tao amin'ny Kolejy "Clever Child" ary afaka fanadinam-panjakana "Cepe" daholo ny kandidan'ny sekoly. Nanatanteraka fety tetsy amin'ny Kianjan'ny "Cheminot" Antanimena ny faran'ny herinandro teo, ny tompon'andraikitry ny sekoly sy ny mpianatra ary ny Rayaman-dreny, nentina namaranana ny taom-pianarana. Nilaza Ramatoa Razafimalala Christine "Responsable Pedagogique" ny Kolejy "Clever Child", fa miezaka manatsara ny fitaovana fampiasa sy ny trano ary ny "Cadre" ny tompon'andraikitra, mba ho tsara ny kalitaom-pampianarana ary hifantoka kokoa amin'ny fanavaozana ny traikefa sy ny fahalalan'ny mpanabe sy ny mpiaramiasa rehetra, mba tsy ho sahirana ny mpianatra. Nanohy fanazavana Ramatoa Christine, fa tsy natao ambanin-javatra ny fanitarana ny sekoly handray ankizy hatramin'ny kilasy faha 9, eo ihany koa ny fanitarana ny fotodrafitr'asan'ny sekoly, mba hanana tokontany sy ny toeram-pampianarana malalaka. Nanamafy ity "Responsable Pedagogique" ity, fa niezaka tsy nampiakatra saram-pianarana ny sekoly, mba hitsinjovana ny Rayaman-dreny ary nampitomboina ihany koa ny isan'ny mpanabe, mba hanamafisana ny fanarahamaso ny ankizy. Miisa 250 ny mpianatra sahanin'ny Kolejy "Clever Child" Ampefiloha ary mpampianatra 1 isaky ny zaza 10 no miandraikitra ny fanabeazana.

**Franck Razakambelo**



*Sekoly Clever Child Ampefiloha.*

Tropy Jeannette

# Hampiseho « Gala de Chants Théâtraux » etsy amin'ny AFT

Amin'izao fanamarihan'ny AFT « Alliance Française d'Antananarivo » ny faha-75 taona niorenany izao dia nifidy ny Tropy Jeannette izy, ny mba hampiseho Gala de Chants Théâtraux , izay mampiavaka ny Tantara Fisehatra Kilasika Malagasy. Hira Teatraly izany, izay notsongaina tao amin'ireo piesy nolalaovin'ny Tropy Jeannette, ahitana ny hira teatraly. Mitovitovy amin'ny "opérette" frantsay. Hira noforonin'Andrianary Ratianarivo ary kaloina sy lalaovina tahaka ny ao amin'ny teatra. Ombona na Fusion ny lohahevitra voizina mikasika ny fitiavana ao amina tanora roa, izay tsy eken'ny rainy ny hivadian'ilay vehivavy amin'ny oloniany.

Ny hira no mibahan-toerana, fa hasiana ampahany resaka ifanaovana ao amin'ny tantara fisehatra, saingy fohy ary fampidirana ireo hira holalaovina ihany no hatao. Misy ihany koa ny Ombona eo anivon'ny fiaraha-monina izay mifono hafatra ampitaina amin'ny mpiara-monina , izay ilaina amin'izao vanim-potoana iainantsika izao.

**Rainilita**



*Ny Tropy Jeannette.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**16/07/2022 hatramin'ny 23/07/2022**

- **TSARA** (Andavamamba, route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1321-07-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANTALAHA**

# Mijaly amin'ny resaka delestazy koa

Mijaly amin'ny resaka delestazy ihany koa amin'izao fotoana ny any Antalaha any amin'ny faritra Sava, zara raha afaka miasa ireo tsy maintsy mila angôvo azo avy amin'ny rianaratra, araka ny vaovao azo avy any an-toerana. Ny vidin'ny lavanila efa mitotongana, tsy voahaja ny vidiny farany ambany 75000 Ar tokony hividianana ny lavanila maitso, manampy trotraka koa amin'izao fotoana ity fahatapahan-jiro lava reny ity, ka tena sahirana ny mponina. Tapaka ny jiro any Antalaha amin'ny 12 alina, tsy miverina raha tsy amin'ny 9 ora maraina. Tapaka amin'ny mitataovovonona tsy miverina raha tsy amin'ny 3 ora tolakandro. Maty koa izany jiro izany tsindraindray amin'ny 7 ka hatramin'ny 8 ora alina. Tao amin'ny fokontany Mandalovahely Antalaha, efa hatramin'ny omaly no maty ny jiro, mbola tsy miverina hatramin'izao. Koa miantso ny tompon'andraikitra ny any an-toerana, hijery vahaolana maharitra momba izao resaka angôvo izao, fa tena potika ny fiharian'ny mponina.

***Stefa***



***Ny tanànan'Antalaha, tena sahirana amin'ny fahatapatapahan-jiro koa.***

Kaominina Ampitatafika Atsimondrano

# Nihena ny fidiran'ny hetra tambatra nohon'ny ataon'ny fitondrana

Anisan'ny nisongadina, nandritry ny tatitry ny ben'ny tanànan' Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, Rado Ramparaoelina, fa nisy akony teo amin'ny fidiram-bolan'ny kaominina ny fanapahankevitry ny fanjakana momba ny « impôt synthetiques », na hetra tambatra, satria nihena ny hetra takiana amin'ny mpivarotra na ireo mpivarotra fitaovana samihafa. Raha toa ka efa nahatratra 80% mantsy ny vola niditra tamin'ny kaominina teo aloha tamin'ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana, dia zara raha misy 47,5% sisa izany ankehitriny. Lasa sakana ho an'ny kaominina arak'izany ity fihenan'ny vola miditra ity, izay antoky ny fampandrosoana eny ifotony. Tsy mba nisy fiantsoana na fifampidinihana, fa tonga dia tian-kano tsy tian-kano fotsiny izao, ka malahelo ny ben'ny tanàna. Tsy mbola nahazo tohana avy amin'ny fanjakana toy ny FdI ihany koa ny kaominina Ampitatafika ary ny Ciad izay vola tantanin'ny solombavambahoaka dia tsy nisy akony tamin'ny kaominina ihany koa. Na izany aza anefa dia miezaka ny kaominina mitady làlana sy mpiara-miombon'antoka, ka nahavitana ireo fotodrafitr'asa sy fanitarana samihafa eny ifotony raha ny fanazavana ihany. Raha atao ny naoty hoy ny ben'ny tanàna dia 12/2O no azon'ny kaominina hatreto ary miezaka mandrakariva mampandroso ny kaominina, izay efa nilokalokany tamin'ny fampielezan-kevitra ben'ny tanàna farany teo izany.




***Rado Ramparaoelina ben'ny tanànan' Ampitatafika.***

***Rajo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 400**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0399)

***Mitsivalana***
- Pasitera
- Ila (miv) – Ro
- Olomanga
- Moka – Oh
- Aizina
- If – Dia (miv)
- Trano (miv)

***Mitsangana***
- Paomy
- Allo – Fo
- Sioka
- Maika
- Tra
- Noe (miv)
- Tay (miv)
- Gony
- Alahady

### TENY MIFANAPAKA N° 400




**Mitsivalana**

**1.** Asa tafika ho an'ny firenena **2.** Nodimandry (miv) – Tsofoka – Isa Romana **3.** Asa tany **4.** Soloy – Fanontaniana **5.** Bibikely (miv) **6.** Atao an-tery – Heloka **7.** Haja sy voninahitra – Mamarana ny lainga – Renintsoratra mifanaraka **8.** Fonenana – Aro trano (miv) **9.** Natsipinay **10.** Ao amin'ny rano – Biraom-pifidianana – Mijoro ara-drariny (miv)

**Mitsangana**

**A.** Sampana malaza ao amin'ny finoana **B.** Valizy be (miv) – Irery (BR) **D.** Sakaiza – Mari-bola **E.** Barea – Nivilana (miv) **F.** Vehivavy (miv) **G.** Mpitandro filaminana **H.** Tolorana – Mamba **I.** Fanampin'anarana – Efatra sy telo (BR) **J.** Nandalina farim-pahaizana **K.** Ambony (BR) – Manandrana (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0399

**Mitsivalana**

**1**.Ranomasina **2**. Ondrinao **3**. A, I - (B)asy - As **4**. Laf(o) - Maty **5**. Akoholahy **6**. Ronono **7**. Iry - Loka (miv) **8**. Eto - Ivato (miv) **9**. Inri - (S)ir(a) - No (miv) **10**. Niala - Atao

**Mitsangana**

**A** Roalahy - In **B**. Kaina (miv) - Reny **D**. N.D - Foritra **E**. Ora - Ho(ho) - Lio (miv) **F**. Misaona **G**. Any - Lokoy **H**. Sa - Manotra **I**. Io - aloha (miv) **J**. Aty - Voa **K**. Atsy - Adino

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ny fahamarinana manandratra ny firenena; fa ny ota kosa dia fahafaham-baraka amin'ny olona."*
***Ohabolana 14:34***

### Cosafa Cup 2022

# I Zambie no tompondaka

Nifarana tamin'ny alahady 17 jolay 2022 teo, ny fifaninanana baolina kitra « Cosafa Cup 2022 », notontosaina tatsy Afrika Atsimo, ka i Zambie no voahosotra ho tompondaka, rehefa nandresy an'i Namibie 1-0 teo amin'ny lalao famaranana.
I Sénégal no nitana ny laharana faha-3 rehefa nandresy an'i Mozambique tamin'ny « Tirs au but » 4-2, teo amin'ny lalao fiadian-toerana. Ady sahala 1-1 no nisarahan'ny roa tonta teo amin'ny fotoana ara-dalàna.



*I Zambie tompondaka ny Cosafa Cup 2022.*

I Madagasikara kosa dia mbola resin'i Afrika Atsimo indray, tamin'ny lalao farany nataony teo amin'ity fifaninanana ity, ka nitondra an'i Afrika Atsimo any amin'ny laharana faha-5 izany rehefa nandresy indray an'i Botswana 2-1 ry zareo, teo amin'ny lalao fiadian-toerana.
Tsiahivina fa i Namibie dia nandresy an'i Mozambique teo amin'ny lalao 1/2-famaranana voalohany, i Zambie nandavo an'i Sénégal 4-3 teo amin'ny 1/2-famaranana faha-2.

**Rainilita**

### Can Beach Soccer 2022

# Ny 23 jolay sy 7 aogositra ny fifanintsanan'i Madagasikara sy Seychelles

Amin'ny sabotsy 23 jolay sy amin'ny alahady 7 aogositra 2022 ho avy izao, any amin'ny kianja "Stade Roche Caïman Sports any Seychelles, sy any Mahajanga, no hanatanterahana ny fifanintsanan'i Madagasikara sy Seychelles, eo amin'ny fiadian-toerana, hahazoana miatrika ny fifaninanana "Can Beach Soccer Mozambique 2022". Ny any Seychelles dia hanomboka amin'ny 4ora30 tolakandro. Ny any Mahajanga kosa dia hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ny lalao. Azo heverina ho manana tombony ny Barea Soccer Malagasy amin'ity fifaninanana ity, noho izy ireo efa tompon-dakan'i Afrika tamin'ity taranja ity.

**Rainilita**




*Beach Soccer Malagasy.*

### 100m Mondiaux Athlétisme 2022

# Nahery ireo vehivavy Jamaïkanina, sy ny lehilahy Amerikana

Nahery ireo mpihazakazaka vehivavy avy any Jamaïque tamin'ny fifaninanana 100m eo amin'ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany, « Championnats du monde d'athlétisme » izay tontosaina any Eugene, Etazonia, nanomboka tamin'ny zoma 15 jolay ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alatsinainy 25 jolay 2022 ho avy izao.
Vokatr'izany hazakazana 100m vehivavy izany :
Medaly volamena : Shelly-Ann Fraser-Price 10" 67
Medaly volafotsy : Shericka Jackson 10"73
Medaly Alimo : Elaine Thompson-Herah 10"81.
Teo amin'ny 100 m lehilahy kosa dia nahery ny Amerikana, nahazo ny medaly volamena tompon-daka eran-tany amin'ny 100 m, ilay amerikana Fred Kerley, nahavita ny 100 m tamin'ny fe-potoana 9"86.
Mitarika kosa ankehitriny i Etats-Unis eo amin'ny filaharana vonjimaika :
Voalohany : Etats-Unis manana medaly 14 (volamena 6, volafotsy 4, alimo 4),
Faha-2 :Ethiopie manana medaly 3 (Volamena 2, volafotsy 1, alimo 0)
Faha-3 : Pologne manana medaly 3 (Volamena 1, volafotsy 2, alimo 0),
Faha-4 : Chine manana medaly 3 (Volamena 1, volafotsy 1, alimo 1),
Faha-4 mitovy : Jamaïque manana medaly 3 (Volamena 1, volafotsy 1, alimo 1).



*Ireo mpihazakazaka Jamaïkana 3 mirahavavy (miakanjo mavo).*

**Rainilita**


## Sakafo Ny Valosoa



Ny lasaosy na sauce indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany.
Ny lasaosy no itoeran'ny tsiron-kanina, ao daholo no miafotra ny herin' ny zavatra andrahoina, koa ireto misy fanaovana sauce azo aroso ho antsika androany, fa ny hafa manaraka eny ihany: SAUCE BECHAMEL : Alaivo ny dibera kely eran'ny sotro, atao ao anaty casserole eo ambony afo malefaka, dia raraho lafarina indroan' ny sotro eo ambony afo ihany koa, nefa andrasana tsara mba tsy ho mena akory. Dia raraho ronono eran'ny tasy tsikelikely ary afangaro tsy miato mandra-paha ritra araka izay tiana. Asio dipoavatra kely, sira araka izay tiana ary mbola azo ampiana dibera kely kanefa aza avela hangotraka intsony.
NY SAUCE BLANCHE indray, dia mitovy fomba fanao amin'io voalohany io, saingy tsy ronono no atampoka azy fa rano tsotra kosa indray, azo ampiana voasary makirana sy lakrema ho haingony. Dia mazotoa mihinana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanalana bibikely tafiditra anaty sofina



Fomba fanalana bibikely tafiditra anaty sofina indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha sendra tafiditry ny bibikely ny sofina dia izao no zavatra atao: aketohy mafibe daholo ny nify rehetra hatramin'ny faravazana. Ho hitanao fa hivoaka avy any ilay bibikely afaka fotoana fohy. Mikatona amin'ilay bibikely ny lalana amin'izay, na accès refusés, dia hivoaka ho azy izy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambohitrarivo any amin'ny distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro



Ny tanànan'Ambohitrarivo any amin'ny distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohitrarivo ity tanàn ity, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'Amparafaravola. Any avaratra afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana Ambohitrarivo, satria 761 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalana vita tara mihazo an'i Tanambe ny tanànan'Ambohitrarivo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Ambohitrarivo.